## « JOURNÉE VERTE »

# Tsy hisy fiara hifamoivoy amin'ny alahady

***Andro ho an'ny zavamananaina sy ny tontolo iainana ny alahady 16 oktobra izao.***

Tsirin-kevitry ny minisiteran'ny Tontolo iainana izany ary tohanan'ny sehatra tsy miankina, ahitana orinasa maromaro (Vima Woods, Vivo Energy), ny mpikarakara ny Marathon International de Tana andiany faha-16 (World trade center Antananarivo) ary ny kaominina Antananarivo Renivohitra.

Tanjon'ny hetsika ny hampahatsiahivana ny olona ny hasarobidin'ny fanajana ny tontolo iainana sy ny zavamananaina ary ny hanentanana ny tsirairay tsy hampiasa fitaovam-pifamoivoizana mandeha solika, izay anisan'ny mandoto ny rivotra iainana, amin'io andro iray monja io. Araka izany, tsy an-tery fa entanina ny rehetra handeha an-tongotra na hampiasa bisikileta, « *roller* », sns.




*Ireo mpanohana ny hetsika « journée verte ».*

Vitsy ny mampiasa fiara fitateram-bahoaka rehefa alahady amin'ny maha andro tsy fiasana azy. Toy izany koa ny manana fiara any an-tokantrano any. Inoana fa ho maro ny hanaraka ity fanentanana ity, araka izany.

Rehefa tsy misy ny fiara mifamoivoy, hizotra am-pilaminana ihany koa ny hazakazaka hatrehin'ireo handray anjara amin'ny Marathon international de Tana andiany faha-16. Haharitra roa andro ity hetsika ara-panatanjahantena ity, ny 15 sy 16 oktobra izao.

**Landy R.**